FANKALAZANA NY FAHAMASINANA

AHOANA NO FOMBA HANOMBOHANA VONDRONA KELY

CHURCH OF THE NAZARENE - AFRICA REGION

www.africanazarene.org

Inona no atao hoe vondrona kely

Ny vondrona kely ao am-piangonana dia vondron'olona vitsivitsy (3-12) izay mihaona tsy tapaka ary mahaha tanjona ny hahalala sy hanara-dia an'i Kristy. Ny tanjon'izany vondrona izany mametraka ny natiorany, ny mpikambana ao aminy, ary ny asany.

Inona no tanjony

Ny olona ao amin'ny kongregasiona mihaona ao anatin'io vondrona kely io dia manatanteraka tsy tapaka ny vavaka sy fifadian-kanina, fianarana Baiboly ary fanekena sy fananana fifandraisana amin'Andriamanitra sy ny fiangonana na ianao irery na miaraka amin'ny hafa amin'ny fankalazana ny fahamasinana.

Ny tanjona lehibe indrindra amin'ny 'fankalazana ny fahamasinana" eo amin'io vondrona kely io dia ny fikatsahana fiarahana Kristiana feno fahamasinana, ny fiovam-pon'ny mpanota, ny fanamasinana tanteraky ny mpino, ny fiorenana tsara amin'ny fahamasinana ary ny fahatsorana sy hery ara-panahy nisy tamin'ny fiangonana voalohany tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao" (Toro-lalana *2009-2013*, ¶25).

Ahoana no fomba hanombohana vondrona kely.

- Manapa-kevitra ny amin'ny natioran'ilay vondrona izay tinao hatomboka ary mifanaraka amin'ny tanjona apetraka.
  - Vondrona manao vavaka sy fifadian-kanina, mianatra Baiboly, fanekena sy fanaovana tatitra ve
  - Iza no mpikambana ao anatiny? Azon'ny rehetra atrehana ve sa ho an'ny olona voafaritra ihany? Ny isa sy ny olona ao anatin'ny vondrona dia hisy fiantraikany eo amin'ny fifandraisana akaiky eo amin'ny mpikambana.

- Hafiriana no fisian'ilay vondrona? Mandritra ny fisian'ny hevitra na planina ve sa mihoatran'izay (telo volana sy tapany ka hatramin'ny enim-bolana na mihoatra)
- Hafiriana ny faharetan'ny fihaonana iray? Adin'ny iray na adin'ny iray sy sasany eo ho eo

➢ Apetrao ny isan'ny olona tinao atao ao anatin'ny vondrona izay tianao hatomboka.
- Fantaro ny isan'ny vondro kely misy eo amin'ny kongregasiona misy anao.
- Fantaro ny toerana misy azy ireo, ny fahafaha-manaony ary ny fahombiazany hahatratrarana ny tanjona apetraka.
- Eritrereto fa io no fanararaotana ny amin'ny fampitomboana, fanombohana, fanavaozana azy ireo indray.
- Arakaraky ny habean'ny kongregasiona sy ny fahafahan'ny mpitarika manolo-tena, dia afaka manangana vondrona telo na efatra farafahakeliny fa tsy hoe iray dia efa ampy.

➢ Mividiana na ataovy izay ahazoana tahirin-kevitra misy soso-kevitra mba hanampiana ny vondrona hahatratraran'izy ireo ny tanjona napetraka.
- Ataovy azo antoka tsara fa ny tahirin-kevitra rehetra hampiasaina dia efa nankatoavin'ny mpitandrina alohan'ny hampiasana azy ireny.

➢ Mijereva olona afaka manampy, mpampiantrano, mpitarika mpanampy sy ny sisa... Soso-kevitra: ireo olona mampian-trano dia tsy tokony ho sady mpitarika ilay vondrona no mpampiantrano.

➢ Manapaha hevitra ny amin'ny toerana hihaonana ary atao mazava tsara ny fampiasana izany toerana izany.

➢ Manao dokam-barotra ary manasà olona. Manomeza vaovao araka izay azo atao mikasika ny tanjona ny asa, ny toerana, ny fitarihana sy ny mikasika ny mpikambana.
- Ireto avy no takiana ho an'ireo mpikambana ao anatiny:

- Faniriana sy hetaheta amin'ny fahamasinana.
- Fanoloran-tena hihaona tsy tapaka amin'ny fotoana hifanarahana.
- Fanoloran-tena hanangana tontolo milamina.
- Manana fo feno fahalalana sy fankasitrahana ny tombony azony amin'ny fandraisana anjara ao amin'ny vondrona kely:
    - Fahafahana mianatra hiaina tahaka an'i Kristy.
    - Tontolo milamina hitondra azy ireo ho amin'ny fitomboana ara-panahy mba hahatonga azy ireo ho tahaka an'i Kristy.
    - Fahatsapana hoe tena eo amin'ny toerana tokony hisy ahy aho.

➢ Rehefa voafaritra ny fitsipika rehetra tinao apetraka ao anatin'ilay vondrona, ny fanekena mazava ary dingana arahina dia tsy maintsy fantatry ny mpikambana rehetra.

Ny asan'ny mpitarika ny vondrona kely

➢ Manamora ilay fivoriana ary manao azo antoka fa mifantoka tsara ilay vondrona mba hahatratrarana ilay tanjona napetraka. Ireto avy izany:
- Atao mialoha ny planina.
- Manaraka tsara ny fotoana efa napetraka.
- Atomboka ary faranana ara-potoana ny fivoriana mba tsy hampisy olana eo amin'ilay mpampiantrano sy ny mpikambana.

➢ Mijery ny fanomezam-pahasoavana ananan'ny tsirairay avy ary mampihatra izany mba hahamora ny fifandraisana eo amin'ny vondrona tahaka ny:
- Fanehoana fitiavana. Maneho fitiavana tsy manam-petra ary manaiky ny mpikambana rehetra tahaka ny nataon'i Kristy.
- Mihaino sy mamaly amin'ny fitiavana. Atao azo antoka tsara fa rehefa misy miteny dia mila azonao tanteraka ny fahatsapany sy ny eritreriny.

- Mangataka fanampiana. Rehefa tsy hainao ny valiny dia mila mangataka fanampiana amin'ny mpikambana hafa ao amin'ny vondrona.
- Mampahery ny mpikambana amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana teknika mba hahatonga azy ireo hieritreritra sy hifampiresaka. Mametraha fanontaniana malalaka tahaka ny hoe iza, inona, rahoviana, nahoana, aiza, ary amin'ny fomba ahoana. Miandrasa kely ary avelao izy ireo hamaly. Raha misy amin'izy ireo tsy mahay ny valiny dia ialao ny manao izay hahamenatra azy ireo.

➢ Mijery ireo fanomezam-pahasoavana mba ahafahana miatrika ireo fanamby napetraka mba hialana amin'ny fahasamihafan'ny tsirairay, ny fialana an-daharana, fifosafosana sy ny sisa. Mila miatrika ny zavatra sarotra rehetra am-pahendrena.

➢ Miankina tanteraka amin'Andriamanitra mba hahatonga Azy hanampy ny vondrona amin'ny fanatratrarana ny tanjona. Afaka manao planina saingy kosa mamela an'Andriamanitra hitari-dalana.

Inona no atao ao anatin'ny vondrona kely

➢ **Vavaka sy fifadian-kanina**

- ***15 minitra***: Mihira ary mijoro vavolombelona ny amin'ny valim-bavaka. Tohizana foana ny fitondrana am-bavaka ireo fangataham-bavaka.
- ***15 minitra***: Mamaky andalan-tSoratra Masina fa tsy miditra amin'ny toriteny na fampianarana.
- ***30 minitra***: Mizara ilay fangataham-bavaka araka ny planina efa napetraka na arak any tanjon'ila vondrona ary mivavaka avy eo.

➢ **Fianarana Baiboly**

- ***15 minitra***: Manomboka amin'ny fiarahana miresaka fohifohy ary manao hira sy vavaka avy eo.
- ***30 minitra***: Vakiana ilay andalan-tSoratra Masina ary tarihina amin'ny alalan'ny fanontaniana izay hanampy ny

mpikambana hahatratrarana ilay tanjona ny fampianarana. Katsaho izay hahazoan'ny mpikambana izay tiany holazaina: Inona no lazain'ny andalan-Tsoratra Masina, ahoana no ahafahana mampiasa izany tamin'izany andro izany, ary amin'izao andro izao. Angataho mihitsy ny mpikambana rehetra ao anatin'ny vondrona rehetra handray anjara.

- ***15 minitra***: Zaraina ny fangataham-bavaka sy ny filan'ny mpikambana manokana mikasika ilay fampianarana, ary mivavaka avy eo. Tohizo hatrany ny fitondrana am-bavaka ny fangataham-bavaka.

- **FIfanekena sy fanomezana tatitra (amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra sy ny fiangonana)**

  Afaka atomboka ny ny vondrona kely rehefa misy ilay hetaheta hiara-dia lalina amin'Andriamanitra.

  Manaova hira fohy ary atomboy amin'ny vavaka.

  - Araho ireto fanontaniana fanomezana tatitra efa nankatoavina teo aloha ireto, ohatra:
    - Manao ahoana ny fiainam-panahinao?
    - Inona no ataonao hampitomboana ny fiainam-panahinao?
    - Inona no fahafahana nisy teo aminao mba hanompoanao ny hafa ary ahoana no nampiasanao izany?
    - Inona no fakam-panahy natrehanao ary ahoana no nandresenao izany?
  - Zarao ny fangataham-bavaka ary mifampivavaha. Tohizo hatrany ny fitondrana am-bavaka ny fangataham-bavaka.

Nosoratan'i Rev Daphne Mathebula Filohan'ny SAFM aty amin'ny faritra Afrika.